


Fandaminana sy fandrindràna ny fifamoivoizana mandritra ireo andro hivahinianan'i Papa Fransoa eto  Madagasikara ny 6 hatramin'ny faha 10 septambra 2019 :

**Manomboka ny faha 6 septambra** dia ho tapaka ireo làlana amin'ireto faritra ireto : Aéroport Ivato sy ny manodidina, Aéroport sy Tsarasaotra hatrany Ivandry sy ny manodidina rehetra.

**Faha 7 septambra tapany maraina** : ho tapaka ireo làlana eny Ivandry sy ny manodidina rehetra, Ankorondrano, Antanimena, Analakely, Ambohidahy, Anosy, Rond point Filatex Ankadimbahoaka, By pass Iavoloha. Ho tapaka miaraka amin'izay ihany koa : Ankadindratombo, By pass, Mandroseza, Mahazoarivo, Ambanidia, Ampasanimalo, Fort Duchesne, Ampandrianomby, Nanisana, Analamahitsy, Nonciature Ivandry.

**Faha 7 septambra tapany hariva** : ho tapaka kosa eny amin'ny Nonciature Ivandry sy ny manodidina, Ankorondrano, rond point Jesosy Mamonjy, Antanimena, Analakely, Ambohijatovo, Antaninarenina, Andohalo, Faravohitra, Antaninandro, Ankadifotsy, Antanimena, Ankorondrano, Ivandry, Soamandrakizay sy ny manodidina rehetra.

**Faha 8 septambra** : ho tapaka tanteraka ny eny Soamandrakizay, Ivandry sy ny manodidina. Ny hariva dia ho tapaka avokoa ny lalàna eny Ambohimangakely, Mahazo, Ampasapito, Fort Duchesne, Ankorahotra,  Tunnel Ambohijatovo, Analakely, Ambohidahy, Anosy, Amparibe, Analakely, Antanimena, Ankorondrano,
Nonciature Ivandry.

Iangaviana raha azo atao dia tsy dia mampiasa fiara firy mandritra ireo andro hahatongavan'i Papa Ray Masina Fransoa eto Madagasikara. Izay no anton'ny nanaovana ny tapak'andron'ny Zoma folakandro ho andro tsy fiasàna mba hampihena ny fifamezivezen'ny fiara ary hampalalaka kokoa ny fifamoivoizana.

Laza tsara ho an'ny Firenena Malagasy ny fahatomombanan'ny fandraisana Vahiny tena manan-kaja sy Ambony toa ny Papa Ray Masina, indrindra koa itarafan'izao tontolo izao ny fahendren'ny Mpitantana ao aminy, ary ny fahaiza-mandray vahiny ananan' ny Vahoaka Malagasy. Koa entanina isika olom-pirenena rehetra hiray saina sy fo amin'ny fiaraha-mientana sy fifanomezan-tànana ny ho amin'izany.

**Visite du Saint Père à Madagascar**